


**ETO NY FEO MAMPITENY NY MOANA TOKOA RAHA IZAY NAMBARANY TAMIN'NY VOLANA OKTOBRA 2013 TAO AMIN'NY CARLTON**

*« Maninona no tsy noresahina ny « îles éparses »? Iza moa ny tena mivohy an'izy io? Rehefa mandeha io resaka io, dia hoy aho hoe : izay ve no tena maika eo amin'ilay araka ny teninao hoe, handao hijery ny « insécurité » isika ; handao hijery ny fampandrosoana isika ; handao hijery ny mosary izay misy etsy sy eroa isika, ireo izao no zavatra ngezabe!*

*Isika, misy adihevitra tokony hatao eto. Hoy aho hoe, ilay adihevitra hatao eto anisan'ny zavatra ngezabe. Aoka tsy adihevitra ohatran'izany no entina hanakorontanana. Efa amam-polo taona io no teo, ary ireo izay efa niadihevitra nandritra izay amam-polo taonany izay indray hoe hametraka ilay izy, izy ary tsy nahavita ilay izy sady tsy nanao an'ilay izy no tsy nitondra ilay izy hatramin'ny farany.*

*Nisy fotoana tsy noresahina izy io mihitsy. Nefa ilay tany ao ihany e! Tsy hoe nilentika akory tamin'ny fotoana sasany dia noho tonga i Rajaonarimampianina dia nipoitra indray ilay izy, ka handao resahina ilay izy. Fa hoy aho e, efa misy dinidinika nifanaovana tamin'io an, tamin'ireo firenena a a a, tahaka ny Frantsa moa izay voakasika io zavatra io an. Dia misy izany adihevitra hatao momba ilay izy an, dia hoy aho hoe ho jeren-tsika…».*




*Fivoriam-ben'ny mpikambana rehetra faha-99*
*12 Desambra 1979*




**34/91. Mikasika ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India**

*Ny Fivoriam-be,*
*Rehefa nandinika* ny mikasika ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India,

*Rehefa nampahatsiahy* ny fanapahan-keviny 1514 (XV) tamin'ny 14 Desambra 1960, mirakitra ny Fanambarana momba ny fanomezana fahaleovantena ho an'ireo firenena sy vahoaka nozanahina,

*Rehefa nampahatsiahy ihany* koa ny Fanambarana mifanaraka amin'ny lalàna iraisam-pirenena momba ny fifandraisana ara-pirahalahiana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy firenena, izay mifanaraka amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana, voarakitra ao amin'ny fanapaha-keviny 2625 (XXV) tamin'ny 24 Oktobra 1970,

*Rehefa nandray* ny fanapahan-keviny 34/21 tamin'ny 9 Novambra 1979, sy ireo fanapahan-keviny rehetra nialoha io, momba ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Firenena Mikambana (ONU) sy ny Vondrom-ben'ny Firaisan-kina Afrikana (OUA),

*Rehefa nifantoka tsara ao an-tsaina* ny fanapahan-kevitra mikasika ny nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India, neken'ireo fivoriam-ben'ireo Filoham-pirenena sy Filoham-panjakana ao amin'ny OUA, natao tao Khartoum (18-22 Jolay 1978) sy tao Monrovia (17-20 Jolay 1979),

*Rehefa nandray an-tsoratra* ny Fanambarana politika nekena tamin'ny fivoriam-be faha-6 nataon'ireo Filoham-pirenena sy Filoham-panjakana mpikambana ao amin'ireo firenena tsy miankina *(« Pays non-alignés »)*, natao tao La Havane (3-9 Septambra 1979), **mikasika indrindra ireo Nosy Malagasy** ao amin'ny oseana Indiana,

*Rehefa nampahatsiahy* ireo andininy ara-drariny voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana momba ny famahana olana ao anaty fandriampahalemana,

*Rehefa nandray an-tsoratra* ny fangatahana napetrak'i Madagasikara amin'ny tokony hamerenana azy ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India,

*Rehefa nandray* ireo fepetra naverin'ny Governemanta Malagasy matetika, momba ny fanaovana fifanarahana amin'ny Governemanta Frantsay, hitadiavana vahaolana mifanaraka amin'ireo tanjona sy ny hevi-dehibe voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana,

1. *Manamafy* ny hanaovana laharampahamehana ny fanajana toa ny anakandriamaso ny firaisankina sy ny fandrianàna araka ny velaran-taniny eo amina firenena iray rehefa lasa mahaleotena,

2. *Rehefa nandray* an-tsoratra ny fanapahan-kevitra mikasika ny nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India, nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny OUA, tamin'ny fivoriana ara-potoana faha-33, natao tao Monrovia (6-20 Jolay 1979),

3. *Manasa* ny Governemanta Frantsay hanomboka faran'izay aingana ny fifampidinihina amin'ny Governemanta Malagasy, momba ny fameranana ireo nosy voalaza etsy ambony ireo, izay nosarahina tsy ara-drariny tamin'i Madagasikara (na koa Firenena Malagasy mahaleotena),

4. *Mangataka* amin'ny Governemanta Frantsay ny fanafoanany ireo tsipika sy fanapahan-kevitra rehetra tsy mifanaraka amin'ny fandrianam-pirenena sy ny fahaleovantena ara-velaran-tanin'i Madagasikara, ary koa mametra azy (ny Governemanta Frantsay io) tsy hamolavola fanapahan-kevitra hafa izay tsy hafahana mitady vahaolana ka vao maika hanasarotra io olana sedraina ankehitriny io,

5. *Miangavy* ny Sekretetra Jeneraly hampiatrà ity fanapahan-kevitra ity ka atao tatitra ho resahina eo amin'ny Fivoriam-be faha-35 ho avy,

6. *Manapak'hevitra* fa hosoratana ao amin'ny fandaharana vonjimaika amin'ny Fivoriam-be faha-35 ny mikasika ireo Nosy ireo ka hampitondraina ny fehiteny hoe : ***« Fanontaniana mikasika ireo nosy malagasy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India ».***

*Fivoriam-ben'ny mpikambana rehetra faha-99*
*12 Desambra 1979*

**Nandika :**
**Jeannot Ramambazafy – 3 Oktobra 2015**